## Fihaonan'ireo tanora associés niaraka tamin'i Masera Émérentienne sy María Luisa



Nanana fihaonana nahafatram-po niaraka tamin'i Lehibe Jeneralin'ny Fikambanana, Masera Emérentienne, sy ny mpanolon-tsaina Jeneraly, Masera María Luisa, ny 26 marsa izahay tanora Associés. Nanamarika ireo nasaina iny tolakandro nifampiresahana, nifanankalozana traikefa, ary ny fotoana niarahana nahafinaritra iny.

Nahafahan'ny sasantsasany taminay ihany koa nahafantatra na nihaona indray tamin'i masera Emérentienne sy nahalalana an'i masera María Luisa, izay nanampy anay tokoa tamin'ny fandikan-teny, ka tsy sakana velively ny fahasamihafan'ny fiteny fa nifankahazo izahay.

Nandinika sy nifampizara mikasika ny fiainan'ny associés izahay, nampahafantatra ny fahitanay ny ankehitriny sy ny ho avin'ny fandraisanany anjara.Mendrika ho tadidy iny tolakandro nanentana tao La Florida, Santiago n'i Chili

Masera María Luisa nizara taminay ny asam-panirahana notanterahany tany Cameroun, izay nampitolagaga anay tokoa ny nataony ary nanome hery anay hanohy làlana mitovy dia ny làlan'ny fanirahana sy ny hafaliana hanompo ny namana. Tamin'izay fotoana izay ihany koa ny Jeneraly, Masera Émérentienne, nampahafantatra anay fa manana toerana lehibe ao amin'ny Fikambanana izahay, nilaza izy fa rantsana iray mampiaina io fianakaviambe io izahay.Nanentana anay hanohy ity làlana ity ny teniny miaraka amin-dry masera malala

**Tanora Associés Fikambanan'ny "Sœurs du Christ"**



## Fijoroana ho vavolombelon'i Cynthia, associée any Chili

Salama,
Nanomboka niditra associée aho ny 2013 tao Santiago Chili.Anisan'ny tao anatin'ny vondrona lehibe iray aho hatramin'izay, nihamaro ny mpikambana ary niova araka ny fotoana. Tena manampy ara-panahy sy manohana tokoa.Noho ireo asa isan-karazany nosahaninay dia nahafantatra ny fanomezam-pahasoavan'ny « Soeurs du Christ » sy mahatsapa ho mpiara-miombon'antoka

**Cynthia Valdivia**

## Fijoroana ho vavolombelon'i Rosita, associée any Chili

Nirotsaka tao amin'ny Paroasy Divin Rédempteur, ao amin'ny boriborin-tanin'i La Florida ao Santiago any Chili aho, ka tao no nihaonako tamin'ny sœurs du Christ. Nanasa ahy handray anjara ao amin'ny vondron'ny Tanora Associés izy ireo herin-taona mahery kely izao. Nahita olona tena mahay mandray aho miaraka amin-dry masera nandalina ny firotsahana pastoraly ato amin'ny Paroasy.Nanamafy ny fianoako ny maha- Associée ao Fikambanan-drelijiozy ahy.



**Paroasin'ny Divin Rédempteur (Santiago any Chili)**




Manampy ahy hanohy hianatra sy hiaina ny làlan'i Jesoa ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fikambanana.Tena mahatsiaro sambatra sy feno fankasitrahana aho mandray anjara ao amin'io vondrona io sy miezaka miara-miasa araka izay vitako mba hahafahan'ny olona hafa manararaotra ny zava-tsoa ataon'ny relijiozy ato amin'ny paroasinay.

**Rosita Martín**

